

**I.4. LOI N°94-004
du 10 juin 1994**

portant statuts de la Banque Centrale de Madagascar (*J.O.n°2248 du 10/06/94, Edition spéciale, p.1303*), *modifié par la loi n°95-030 du 22 février 1996 (J.O. n° 2350 du 04/03/96, Edition spéciale, p. 292).*

**TITRE PREMIER
Dispositions générales**

Article premier. – La Banque Centrale de Madagascar (BCM), ci-après dénommée la « BANQUE CENTRALE », est un établissement public doté de la personnalité morale et de l'autonomie financière.

Art. 2. – Le siège de la Banque Centrale est à Antananarivo.

La Banque Centrale peut établir des succursales, agences ou comptoirs à Madagascar dans toutes les localités où elle le juge utile.

Elle peut avoir des correspondants ou des représentants partout où elle le juge utile, à Madagascar ou à l'étranger.

Art. 3. – La Banque Centrale est réputée commerçante dans ses relations avec les tiers.

Ses opérations sont régies par les dispositions de la législation commerciale dans la mesure où il n'y est pas dérogé par la présente loi.

Elle n'est pas soumise aux règles de la comptabilité publique. Elle suit les règles ordinaires de la comptabilité commerciale, sauf dispositions contraires de la présente loi.

Art. 4. – Le capital de la Banque Centrale est entièrement souscrit par l'Etat. Il est fixé par décret pris en Conseil des Ministres.

Il peut être augmenté soit par incorporation des réserves, sur délibération du Conseil d'Administration, soit par une nouvelle dotation souscrite par l'Etat.

Cette augmentation est constatée par décret pris en Conseil des Ministres.

Art. 5. – La dissolution de la Banque Centrale ne peut être prononcée que par la loi.

**I.4. LALANA N° 94-004
tamin'ny 10 jona 1994**

mametra ny satan'ny Banky Foiben'i Madagasikara (*Idem*), *novan'ny lalàna l.f. 95-030 tamin'ny 22 febroary 1996 (Idem)*

**FIZARANA VOALOHANY
Fepetra ankapobeny**

Andininy voalohany. – Antokon-draharaham-panjakana, mizaka ny zo aman'andraikiny ary mahatapa-tena amin'ny fitantanam-bolany ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) izay antsoina manaraka etoana hoe « Banky Foibe ».

And. 2. – Antananarivo no toerana misy ny foibeny.

Mahazo manangana sampana, masoivoho na birao any amin'izay toerana rehetra heveriny ho mety eto Madagasikara ny Banky Foibe.

Afaka maka banky hifandray raharaha aminy na mametraka solon-tena na aiza na aiza heveriny ho mety eto Madagasikara na any ivelany izy.

And. 3. – Heverina ho mpanao raharaha-barotra ny Banky Foibe amin'ny fifandraisany amin'ny hafa.

Fehezin'ny fepetra voalazan'ny lalàna momba ny varotra izy amin'ny fanaovana ny raharahany raha toa tsy misy fanavahana hafa atao amin'ity lalàna ity.

Tsy voatery hanaraka ny fitsipika mifehy ny fitanana ny kaontim-panjakana ny Banky Foibe. Ny fitsipika fanao amin'ny fitanana ny kaontim-bola amin'ny varotra no arahiny, afa-tsy raha misy fepetra mifanohitra amin'izany ato amin'ity lalàna ity.

And. 4. – Didim-panjakana raisina ao amin'ny Filankevitry ny Minisitra no mametra ny renivolan'ny Banky Foibe; ary ny Fanjakana no mandrotsaka manontolo izany renivolany izany.

Azo asondrotra ny renivola amin'ny alalan'ny fandrotsahana ny vola tahiry amin'ny renivola, rehefa nifampidinihan'ny Filankevi-pitondrana, na avy amin'ny tolo-bola vaovao avy amin'ny Fanjakana.

Didim-panjakana raisin'ny Filankevitry ny Minisitra no anamafisana izany fampisondrotana izany.

And. 5. – Avy amin'ny lalàna ihany no ahafahana mandidy ny fandravana ny Banky Foibe.

TITRE II Les attributions de la Banque Centrale

Art. 6. – La Banque Centrale a pour mission générale de veiller à la stabilité interne et externe de la monnaie.

A ce titre, elle élabore et met en œuvre en toute indépendance la politique monétaire. Elle accomplit sa mission en matière de crédit dans le cadre de la politique économique générale du Gouvernement.

Elle veille à maintenir un niveau approprié des réserves nationales de change.

Dans le cadre de sa mission générale, elle est consultée sur les projets de budget, de programme d'investissements publics et de plan, préalablement à leur présentation au Gouvernement. Elle dispose d'un délai de quinze jours francs pour remettre son avis au Chef du Gouvernement.

Elle informe le Président de la République et le Chef du Gouvernement de tout fait qui peut porter atteinte à la stabilité monétaire.

CHAPITRE PREMIER Privilège d'émission

Art. 7. – Le Franc Malgache est l'unité monétaire de Madagascar.

Les dénominations « Irambi-lanja » (valant un Franc Malgache) et « Ariary » (valant cinq Francs Malgaches) sont admises.

Art. 8. – La Banque Centrale exerce seule le privilège d'émettre des billets de banque et des pièces de monnaie. Ces billets et pièces ont seul cours légal sur le territoire de Madagascar.

Art. 9. – Les billets de banque ont un pouvoir libératoire illimité.

Le pouvoir libératoire des pièces peut être limité par décret. Elles sont toutefois reçues sans limitation par la Banque Centrale et par les caisses publiques.

Art. 10. – Aucune opposition ne peut être signifiée à la Banque Centrale à l'occasion de la perte ou du vol de billets de banque.

Art. 11. – La création, l'émission, le retrait ou le changement de billets ou de pièces de monnaies ainsi que les conditions y afférentes sont définis par la Banque Centrale. Les décisions correspondantes

FIZARANA II Ny andraikitra ny Banky Foibe

And. 6. – Andraikitra ankapobe ankinina amin'ny Banky Foibe ny manao izay tsy hampiovaova ny lanjamb-bidin'ny vola na eto an-toerana na any ivelany.

Araka izany dia izy no mamolavola sy manatanteraka an-kala-lahana tanteraka ny teti-pitondrana ara-bola. Manatanteraka ny an-draikitra napetraka taminy izy momba ny fampitrosana ao anatin'ny teti-pitondrana ara-toe-karena ankapobeny tapaky ny Governemanta.

Tandremany mba hijanona amin'izay tokony ho izy ny tahirim-pirenena amin'ny vola fampiasa any ivelany.

Akana hevitra izy momba ny vinavinan'ny tetibolam-panjakana, sy momba ny fandaharana ny fampiasam-bolam-panjakana sy ny teti-pivoarana, alohan'ny hanolo-rana izany amin'ny Governemanta. Manana dimy ambin'ny folo andro izy mba hanomezana ny heviny amin'ny Lehiben'ny Governemanta.

Ampahalalainy ny Filohan'ny Repoblika sy ny Lehiben'ny Governemanta izay zavatra mety tsy hahamarin-toerana ny lanjamb idin'ny vola.

TOKO VOALOHANY Fitanana samirery ny famoaham-bola

And. 7. – Ny Irambilanja Malagasy no lelavola fampiasa eto Madagasikara.

Azo ekena avokoa ny fampiasana ny teny hoe « Irambilanja » (misanda iray farantsa) sy ny teny hoe « Ariary » (misanda dimy irambilanja).

And. 8. – Ny Banky Foibe samirery no hany mahazo mamoaka ny vola madinika sy ny vola taratasy. Ireo vola madinika sy ireo vola taratasy ireo ihany no didin'ny lalà-na hanan-kery manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

And. 9. – Tsy misy fetrany ny fahafahana miala trosa amin'ny vola taratasy avoakan'ny Banky Foibe.

Azo ferana amin'ny alalan'ny didim-panjakana ny fahafahana miala trosa amin'ny vola madinika. Na izany aza dia tsy ferany ny vola madinika raisin'ny Banky Foibe sy ny fitanam-bolam-panjakana.

And. 10. – Tsy misy fanoherana azo atao any amin'ny Banky Foibe raha ohatra ka nisy fahaverezana na halatra vola taratasy navoakan'ny Banky Foibe.

And. 11. – Ny famoronana, ny famoahana, ny fanafaoana na ny fanoloana ny vola taratasy na ny vola madinika ary koa ny fepetra rehetra mikasika an'izany dia faritan'ny Banky Foibe. Horaiketina

sont consacrées par décret.

Art. 12. – Lorsque le cours légal d'un type de billet ou de pièce a été retiré, la Banque Centrale reste tenue d'en assurer, dans les conditions fixées par décret, l'échange à ses guichets contre d'autres types de billets ou pièces ayant cours légal.

Après une date fixée par ce décret, la contre-valeur des billets et pièces adires est versée au Trésor. Si des billets ou des pièces sont présentés à la Banque Centrale après cette date, leur contre-valeur est reversée par le Trésor à la Banque Centrale.

Art. 13. – Le remboursement d'un billet mutilé ou détérioré est accordé lorsque la coupure comporte la totalité des indices et signes récapitulatifs. Dans les autres cas, le remboursement relève de l'appréciation de la Banque Centrale.

Le remboursement d'une pièce dont l'identification est devenue impossible ou qui a fait l'objet d'altération ou de mutilation quelconque relève également de l'appréciation de la Banque Centrale.

La Banque Centrale saisit aux fins de destruction les billets et pièces dont le remboursement a été refusé. Une attestation de confiscation est délivrée au détenteur.

Art. 14. – La contrefaçon, la falsification des billets et pièces de monnaies de la Banque Centrale, ayant cours légal, ainsi que l'usage, la vente et le colportage de ces billets et pièces de monnaies contrefaits ou falsifiés sont sanctionnés par les dispositions pénales en vigueur.

Sans préjudice des peines qui peuvent être prononcées, la Banque Centrale est habilitée à se constituer partie civile pour réclamer à titre de réparation le montant estimé des billets et pièces de monnaies ainsi mis en circulation par les auteurs et complices de la contrefaçon ou de la falsification.

Les billets ou les pièces de monnaies contrefaits ou falsifiés reconnus par ses services de caisse sont confisqués par la Banque Centrale et conservés comme preuve de l'infraction pénale, puis détruits après extinction de la procédure judiciaire.

amin'ny alalan'ny didim-panjakana ireo fanapahan-kevitra mikasika izany.

And. 12. – Rehefa foanan'ny lalàna tsy hanan-kery intsony ny karazany iray amin'ny vola taratasy na ny vola madinika, dia voatery ny Banky Foibe, araka izay fepetra soritan'ny didim-panjakana, hanolo ireo vola ireo ao amin'ny toerana voatokana amin'izany amin'ny vola taratasy na vola madinika karazany hafa voadidin'ny lalàna hanan-kery.

Aorian'ny vaninandro feran'io didim-panjakana io dia arotsaka ao amin'ny Fitehirizam-bolam-panjakana ny setri-bidin'izany vola ta-ratasy sy vola madinika lany andro izany.

And. 13. – Ekena ny fame-renam-bidy izay vola taratasy nanombinana na simbasimba, raha mbola eo avokoa ny marika sy ny fanondroana hamantarana azy. Amin'ny ankoatr'izany, dia ny Banky Foibe no manapaka ny famerenam-bidiny.

Ny Banky Foibe ihany koa no manapaka raha azo efaina ireo vola madinika tsy ampy intsony ny famantarana azy, na misy simba, na rimbona hafa.

Raisin'ny Banky Foibe mba ho potehina ireo vola taratasy na vola madinika nolavina ny famerenam-bidy azy. Omena taratasy fanama-rinana ny fitazonana azy izay tompony.

And. 14. – Hosaziana araka ny lalàna famaizana manan-kery ny fakana tahaka sy fanaovana hosoka amin'ny vola taratasy vola madinika manan-kery avoakan'ny Banky Foibe, ary koa ny fampiasana, ny fivarotana sy fitondrana an'ireny vola taratasy sy vola madinika nalaina tahaka na hosoka ireny.

Ankoatra ireo sazy mety horaisina, ny Banky Foibe dia manana fahefana hangataka onitra, ho fanonerana ny tombam-bidin'ireo vola taratasy na vola madinika naelin'ny tompon-keloka na mp iray tsikombakomba tamin'ny fakana tahaka na fanaovana hosoka.

Hotazonin'ny Banky Foibe sy hotehiriziny ho porofon'ny heloka ireo vola taratasy na vola madinika nalaina tahaka na hosoka tsikaritry ny toeram-piasany mpamoaka sy mpandray vola, ary ho potehina rehefa mifarana ny fanenjehana ara-pitsarana.

CHAPITRE II
Opérations sur or
et sur devise

Art. 15. – La Banque Centrale peut faire, pour son propre compte et pour le compte de tiers, toutes opérations sur or, moyens de paiement et titres libellés en monnaies étrangères ou définis par un poids d'or.

Elle peut prêter ou emprunter ou en monnaie nationale ou en monnaie étrangère à des banques étrangères et à des institutions ou organismes monétaires et financiers étrangers ou internationaux.

A l'occasion de ces opérations, la Banque Centrale demande ou octroie, le cas échéant, les garanties qui lui paraissent appropriées.

Art. 16. – Les bénéfices ou les pertes qui résultent de la réévaluation des avoirs ou des engagements internationaux de la Banque Centrale sont comptabilisés dans un compte spécial de change.

L'Etat couvre toute perte qui ne serait pas suffisamment prise en charge par ce compte. Celle-ci doit être inscrite au budget de l'Etat de l'année suivante.

Art. 17. – La Banque Centrale détient en pleine propriété tous les avoirs en or et les réserves officielles de change, y compris les droits de tirage spéciaux et la position de réserve au Fonds Monétaire International.

Elle en dispose dans le cadre de l'exercice de ses attributions.

Art. 18. – La Banque Centrale peut avoir dans ses écritures des comptes rémunérés au nom de toutes banques étrangères et de toutes institutions ou organismes étrangers ou internationaux.

Art. 19. – La Banque Centrale peut adhérer, avec l'autorisation du Ministre chargé des Finances, à des accords monétaires internationaux.

Elle participe aux négociations ayant pour objet la conclusion d'accords de paiement ou de compensation. Elle est chargée de l'exécution de ces accords pour le compte de l'Etat. Elle peut conclure toutes conventions d'application nécessaires à cet effet.

Elle assiste les pouvoirs publics dans leurs relations avec les institutions financières internationales.

TOKO II
Fanaovan-draharaha miompana
amin'ny volamena sy amin'ny
vola vahiny

And. 15. – Azon'ny Banky Foibe sahanina ho an'ny tenany na ho an'ny hafa ny fanaovan-draharaha rehetra miompana amin'ny volamena sy amin'ny enti-mandoa, ary ny taratasy fanoava ho vola tomanambidy amin'ny vola vahiny na tondroim-bidy amin'ny lanjambola-mena.

Mahazo mampisambotra na misambo-bola amin'ny volam-pire-nena na vola vahiny amin'ny banky vahiny sy amin'ny antokon-draha-raha na sampana mpikarakara vola any ivelany na iraisam-pirenen-tsamihafa ny Banky Foibe.

Mangataka na manome ireo antoka heveriny fa antonona ny Banky Foibe amin'izany, raha ila ina.

And. 16. – Raisina amin'ny fitanan-kaonty manokana momba ny fifandraisana amambola amin'ny any ivelany ny tombom-barotra na ny fatiantoka ateraky ny fiovan'ny lanjambidin'ny vola tahiry na ny tontalin'ny trosan'ny Banky Foibe amin'ny firenen-tsamihafa.

Ny Fanjakana no mameno izay fatiantoka rehetra mety tsy ho ampy ny fampizakana azy amin'io kaonty io. Izany dia tsy maintsy raketina amin'ny tetibolampanja-kana amin'ny taona manaraka.

And. 17. – Fananan'ny Banky Foibe tanteraka ny tahirim-bola-mena rehetra, ny tahirim-panja-kana amin'ny vola fampiasa any ivelany, ka anisan'izany ny fahazoana manao fisariham-bola manokana sy ny tahirim-bola antratra any amin'ny « Tahirim-bola iraisam-pirenena ».

Azony ampiasaina tanteraka izany eo amin'ny fanatanterahana ny andraikiny.

And. 18. – Azon'ny Banky Foibe atao ny manokatra kaonty efain-tsarany ao amin'ny anaran'ny banky any ivelany sy izay antokon-draharaha na sampana rehetra any ivelany na iraisam-pirenen-tsamihafa.

And. 19. – Ny Banky Foibe dia mandray anjara, amin'ny fifanarahana amambola iraisam-pirenen-tsamihafa raha eken'ny Ministra miandraikitra ny Fitantanambola.

Mandray anjara amin'ny fanaovana fifanekena momba ny fanefana na ny letsy trosa ny Banky Foibe. Izy no miadidy ny fanatanterahana izany fifanekena izany amin'ny anaran'ny Fanjakana. Ma-hazo manao izay fifanekena rehe-tra ilaina hampiharana izany izy.

Miara-miasa amin'ny mpitondra Fanjakana izy amin'ny fifandraisana ifanaovana amin'ny antokon-draharaha iraisam-pirenen-tsamihafa mpampiasa vola.

Art. 20. – La Banque Centrale participe à la surveillance des opérations financières, notamment des opérations bancaires avec l'étranger et, le cas échéant, peut être chargée de l'application du contrôle de change.

A cet effet, elle peut demander aux établissements de crédit (Loi n° 95-030 du 22/02/96) tous renseignements et leur donner toutes instructions.

CHAPITRE III Concours de la Banque Centrale à l'Etat et aux collectivités publiques

Art. 21. – La Banque Centrale est l'agent financier privilégié du Gouvernement pour ses opérations de caisse, de banque et de crédit.

Elle tient dans ses écritures un compte courant du Trésor.

A l'arrêté journalier des écritures, ce compte ne peut présenter un solde débiteur. Le solde créditeur de ce compte est productif d'intérêt aux conditions fixées par la Banque Centrale.

Les modalités de fonctionnement de ce compte sont définies par convention passée entre le Ministre chargé des Finances et la Banque Centrale.

Art. 22. – La Banque Centrale peut assurer la garde et la gestion des valeurs mobilières appartenant à l'Etat ou aux collectivités publiques.

Art. 23. – La Banque Centrale participe à l'émission des rentes et valeurs du Trésor ou des collectivités publiques, ainsi qu'au paiement des arrérages y afférents.

Art. 24. – La Banque Centrale peut, dans les limites prévues à l'article 28, consentir au Trésor des avances temporaires.

Les montants et les modalités de ces avances sont arrêtés par des conventions entre le Ministre chargé des Finances et la Banque Centrale.

Art. 25. – Les avances visées à l'article 24 doivent être remboursées à la Banque Centrale dans les six mois qui suivent la clôture de l'exercice pendant lequel elles ont été consenties.

En tout état de cause, il est interdit à la Banque Centrale d'accorder de nouvelles avances lorsque l'encours des avances atteint le plafond indiqué à

And. 20. – Mandray anjara amin'ny fanaraha-maso ny fanaovan-draharaha amam-bola ny Banky Foibe, indrindra ny raharaha ifanaovan'ny banky amin'ny any ivelany, ary raha ilaina dia mety hampiantraiketina azy ny fanaraha-maso ny fifandraisana amam-bola amin'ny any ivelany.

Mahazo mangataka amin'ny orinasa fitrosana vola (*idem*) izay rehetra ilainy ho fantarina izy amin'izany ary homeny azy ireo izay baiko hanatanterahana izany.

TOKO III

Fanampiana ataon'ny Banky Foibe amin'ny Fanjakana sy ny lafim-pitondram-bahoaka

And. 21. – Mpandraharaham-bolan'ny Governemanta manana fahefana manokana ny Banky Foibe amin'ny raharaha mikasika lela-vola sy fifampiraharaha amin'ny banky ary ny fampitrosana.

Mitana an-tsoratra ny kaonty sesilany iray an'ny Fitantanam-bolam-panjakana izy.

Tsy mahazo mampiseho ambinà trosa io kaonty io amin'ny famaranana isan'andro ny sorabola. Ny ambim-bola tavela ao amin'io kaonty io dia miteraka zanabola araka ny fepetra soritan'ny Banky Foibe.

Hofaritana ao anatin'ny fifana-rahana ifanaovan'ny Ministra mia-ndraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Banky Foibe ny fombafomba fa mpiasana io kaonty io.

And. 22. – Azon'ny Banky Foibe karakaraina ny fikajiana sy ny fitantanana ny taratasy fanova vola an'ny Fanjakana na an'ny lafim-pitondram-bahoaka.

And. 23. – Andraisan'ny Banky Foibe anjara ny famoahana taratasy fanekem-pitrosana sy ny taratasy fanova vola an'ny Fitantanam-bolam-panjakana na an'ny lafim-pitondram-bahoaka mb amin'ny fa-nefana ny ambin-trosa.

And. 24. – Azon'ny Banky Foibe atao, nefa tsy dikaina izay volazan'ny andininy faha-28, ny mano-me vatsim-bola vonjimaika ho an'ny fitantanam-bolam-panjakana.

Ny teti-bidin'izany vatsim-bola sy ny fombafomba arahina aminy dia voafaritry ny fifanarahana ifanaovan'ny Minisitry miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Banky Foibe.

And. 25. – Tsy maintsy averina amin'ny Banky Foibe ao anatin'ny enim-bolana aorian'ny namaranana ny taom-piasana izay nanome-zana azy, ny vatsim-bola tondroin'ny andininy faha-24.

Na inona na inona zava-miseho dia tsy azon'ny Banky Foibe atao ny manome vatsim-bola vaovao raha efa mahatratra ny farafetrany voalazan'ny

l'article 28.

Art. 26. – La Banque Centrale peut escompter ou prendre en pension les traites et obligations cautionnées souscrites à l'ordre des comptables du Trésor et venant à échéance dans un délai de deux mois, sous condition de solvabilité du souscripteur et de la caution bancaire.

Art. 27. – La Banque Centrale ne peut consentir aucune avance ou autre forme de crédit à l'Etat ni acquérir aucune créance sur l'Etat ou sur les collectivités publiques, sauf en vertu des articles 24 et 26.

Elle peut accepter toutefois des créances sur l'Etat ou sur les collectivités publiques en garantie des opérations de refinancement des établissements de crédit (loi n°95-030 du 22/02/96) prévues au chapitre IV.

Toutefois, au cas où la garantie viendrait à être réalisée, ces créances seraient soumises au plafond de l'article 28.

Art. 28. – Le total des avances consenties à l'Etat en vertu des articles 24 et 27 alinéa 3, ne peut pas dépasser quinze pour cent des recettes ordinaires de l'Etat constatées au cours du précédent exercice budgétaire sur la base de documents officiels établis par le Trésor.

Dans les circonstances exceptionnelles, la limite de quinze pour cent ci-dessus peut être portée à vingt pour cent par voie législative, sur rapport spécial de la Banque Centrale pour une durée maximum de six mois.

CHAPITRE IV

Concours de la Banque Centrale aux banques et établissements financiers

Art. 29. – La Banque Centrale ouvre dans ses livres des comptes courants et établissements de crédit (Loi n°95-030 du 22/02/96).

A l'arrêté journalier des écritures de la Banque Centrale, chaque compte ne peut présenter un solde débiteur. Le solde créditeur n'est pas productif d'intérêt.

Les modalités de fonctionnement de ces comptes sont définies par convention passée entre la Banque Centrale et chaque établissement titulaire de compte.

Art. 30. – La Banque Centrale peut mobiliser en faveur des établissements de crédit (Loi n° 95-030 du 22/02/96) des effets représentatifs de crédits à court, moyen et long termes revêtus d'au moins deux

andinin'ny faha-28 ny habetsaky ny vatsim-bola tsy mbola tafaverina.

And. 26. – Azon'ny Banky Foibe atao ny mampanjanka na ny mandray an-tànana ny trosam-barotra sy sora-panekem-pitrosana ombam-piantohana ary natao ho an'ny mpitana kaontim-bolam-panjakana ka roa volana sisa sy fe-potoana higadonany, raha toa ma-hefa trosa ny nanao fanekena ary misy ny fiantohan'ny banky.

And. 27. – Tsy misy vatsim-bola na fampitrosana karazany hafa azon'ny Banky Foibe omena ny Fanjakana, tsy misy taratasy fanova vola azony vidina amin'ny Fanjakana na amin'ny lafim-piton-dram-bahoaka raha tsy araka izay volazan'ny andinin'ny faha-24 sy faha-26.

Azony raisina ihany anefa ny taratasy fanova ho vola avy amin'ny Fanjakana na ny lafim-piton-dram-bahoaka mba hatao antoky ny fampisamboram-bola ny orinasa fotrosana vola (*idem*) voalaza ao amin'ny toko faha-IV.

Nefa kosa, raha voatery ampiasana izany antoka izany ireo trosa ireo dia ahatra ny farafetrany voatondron'ny andinin'ny faha-28.

And. 28. – Ny tontalin'ny va-tsim-bola omena ny Fanjakana araka ny andinin'ny faha-24 sy faha-27, andalana faha-3, dia tsy nahazo mihoatra ny dimy ambin'ny folo isan-jaton'ny vola hita fototra fa niditra tao amin'ny tetibolam-panjakana tamin'ny taon-dasa, araka ny voalaza ao amin'ny antontan-taratasy ofisialy avy amin'ny Fitantanam-bolam-panjakana.

Raha misy antony manokana, io farafetra dimy ambin'ny folo isanjatony voalaza eo ambony io dia azo ampakarina ho roapolo isanjatony mandritra ny fotoana tsy mihoatra ny enim-bolana ka lalàna no ahafahana manao izany, avy amin'ny tatitra manokana ataon'ny Banky Foibe.

TOKO IV

Fanampiana ataon'ny Banky Foibe amin'ny banky sy ny antokon-draharaha mampiasa vola

And. 29. – Anokafan'ny Banky Foibe kaonty sesilany ao amin'ny boky firaketany an-tsoratra ny orinasa fitrosana vola (*idem*).

Ny kaonty tsirairay dia tsy tokony ahitana ambinà trosa amin'ny famaranan'ny Banky Foibe isan'andro ny kaontiny. Ny ambim-bola tavela ao dia tsy miteraka zanabola.

Hofaritana ao anatin'ny fifana-rahana ifanaovan'ny Banky Foibe sy ny orinasa tsirairay tompon'ny kaonty ny fombafomba fampiasana ireny kaonty ireny.

And. 30. – Ho an'ny orinasa fotrosana vola (*idem*) dia azon'ny Banky Foibe avadika ho lelavola ny trosam-barotra natao hanaporofaona ny fisian'ny fampisamboram-bola ao anatin'ny fotoana fohy,

signatures notoirement solvables, dont celle du cédant.

L'usage de ces effets est fixée par voie d'instruction de la Banque Centrale.

La part mobilisable des effets représentatifs de prêts à moyen et long termes est également fixée par voie d'instruction de la Banque Centrale.

Art. 31. – La Banque Centrale peut mobiliser, au profit des banques et établissements de crédit (Loi n° 95-030 du 22/02/96), des effets globaux émis à son ordre, représentatifs d'effets primaires souscrits par des débiteurs initiaux.

Les procédures et modalités de mobilisation sont arrêtées par voie d'instruction de la Banque Centrale.

La souscription de l'effet global transfère de plein droit à la Banque Centrale tous les droits et actions dont bénéficie le souscripteur au titre des crédits correspondants ayant donné lieu à la création d'effets primaires.

Art. 32. – La Banque Centrale peut mobiliser au profit des établissements de crédit (Loi n°95-030 du 22/02/96) des titres émis par le Trésor. Elle peut aussi leur consentir des avances sur des avoirs en or ou en devises dûment nantis en sa faveur.

Les conditions de ces mobilisations et avances sont fixées par voie d'instruction de la Banque Centrale.

Art. 33. – La Banque Centrale peut acheter et vendre à des établissements de crédit (loi n° 95-030 du 22/02/96) des effets admissibles à son portefeuille. Elle définit par voie d'instruction les modalités de ses interventions dans ces opérations.

Nonobstant les dispositions de l'article 27, les opérations de mobilisation ou d'achat de titres émis par le Trésor prévues à l'article 32 et à l'alinéa premier du présent article s'exercent dans la limite de dix pour cent des recettes ordinaires de l'Etat constatées au cours du précédent exercice budgétaire sur la base des documents officiels établis par le Trésor.

Ce plafond est calculé sur la base de la moyenne des soldes journaliers des titres détenus par la Banque Centrale au cours de chaque trimestre calendaire.

Art. 34. – En cas de difficultés de liquidité temporaires d'un établissement de crédit (Loi n°95-030 du 22/02/96) liées à la mise en oeuvre d'un plan

antoniny ary maharitra ela raha misy sonian'olona anankiroa fantatra ho mahefa trosa ka anisan' izany ny an'ilay mpampitrosa.

Ny Banky Foibe no hametra ny fomba fampiasana izany trosam-barotra izany avy amin'ny alalan'ny teny midina.

Mbola ny Banky Foibe ihany no hametra ny ampahany azo avadika lelavola amin'ireo trosam-barotra manaporofy fifampitrosana amin'ny fotoana antoniny sy maharitra.

And. 31. – Ho an'ny orinasa fitrosana vola (*idem*) dia azon'ny Banky Foibe avadika ho lelavola ny taratasy trosam-barotra mahafaobe natao amin'ny anaran'ny Banky Foibe izay misolo taratasy trosam-barotra nataon'ny mpitrosa niandohany.

Ny Banky Foibe no mametra amin'ny teny midina ny paika arahina sy ny fombafomba famadihana azy ho lelavola.

Ny fanaovan-tsonia ny taratasy trosam-barotra mahafaobe dia mamindra avy hatrany amin'ny Banky Foibe ny zo sy ny fahefana hitory nananan'ny mpanao sonia noho izany fampitrosana niteraka an'ilay taratasy trosam-barotra fo-totra izany.

And. 32. – Ho an'ny orinasa fitrosana vola (*idem*) dia azon'ny Banky Foibe atao ny mamadika ho lelavola ny taratasy fieken-trosa avoakan'ny Fitehirizam-bolam-panja-kana. Azony atao ihany koa ny manome vatsim-bola amin'ny tahirim-bolamena na amin'ny vola ivelany natao antoka vita ara-dalàna amin'ny anarany.

Ny Banky foibe no mametra amin'ny alalan'ny teny midina ny fomba famadihana ho lelavola sy ny fanomezana vatsim-bola.

And. 33. – Azon'ny Banky Foibe atao ny mividy sy mivarotra amin'ny orinasa fitrosana vola (*idem*) ny taratasy trosam-barotra ekeny ho tafiditra ao amin'ny tahirim-bolany. Ferany amin'ny akalan'ny teny midina ny fombafomba hanatanterahana azy ireny.

Na eo aza ny fepetra voalazan'ny andininy faha-27, ny famadihana ho lelavola na ny fividianana taratasy fieken-trosa avoakan'ny Fitehirizam-bolam-panjakana voatondro ao amin'ny andininy faha-32 sy andalana voalohany amin'ity andininy ity dia atao tsy mihoatra ny folo isan-jaton'ny vola niditra andavanandro amin'ny Fan-jakana nandritra ny taom-piasana ara-teti-bola teo aloha, izay voaporofon'ny antontan-taratasy ofisialy avy amin'ny Fitehirizam-bolam-panjakana.

Ny fikajiana izany farafetrany izany dia aompana amin'ny salan' isan'ireo ambiny tavela isan' andro amin'ireo taratasim-panamarinana am-pelatànan'ny Banky Foibe ma-ndritra ny telovolana isanisany amin'ny taona.

And. 34. – Raha misy fahasahiranana amam-bola kirakiraina lalovan'ny orinasa iray fitrosana vola izay mifandrohy amin'ny fampiharana teti-panarenana

de redressement acceptable par la Commission de Supervision Bancaire et Financière (Loi 95-030 du 22/02/96) contrôle des établissements de crédit (Loi n°95-030 du 22/02/96) et par la Banque Centrale, cette dernière peut consentir une avance exceptionnelle dans les conditions définies par le Conseil.

CHAPITRE V Réglementation du crédit

Art. 35. – La Banque Centrale peut, par voie d’instruction, obliger les établissements de crédit (Loi n°95-030 du 22/02/96) à maintenir sous forme d’encaisse ou de dépôts auprès de la Banque Centrale un pourcentage minimum de leurs dépôts et/ou de leurs engagements.

Art. 36. – La Banque Centrale peut arrêter par voie d’instruction les conditions générales dans lesquelles les établissements de crédit (Loi n° 95-030 du 22/02/96) peuvent consentir des prêts, avances, garanties et autres opérations de crédit.

Art. 37. – En vue de protéger les intérêts des épargnants et d’assurer au marché de valeurs mobilières un bon fonctionnement, l’autorisation préalable de la Banque Centrale est nécessaire pour toute émission publique de valeurs mobilières à Madagascar, à l’exclusion des valeurs émises par le Trésor.

La Banque Centrale est consultée par le Gouvernement avant toute émission de valeurs mobilières à Madagascar et toute opération de crédit à l’étranger effectuées par le Trésor.

CHAPITRE VI Dispositions communes aux chapitres II, III, IV et V

Art. 38. – La Banque Centrale peut subordonner ses concours à la remise de tous documents qu’elle juge nécessaires.

Elle peut, le cas échéant, exiger la constitution de toutes garanties réelles ou personnelles.

Art. 39. – La Banque Centrale peut acquérir à l’amiable ou sur vente forcée tout bien mobilier ou immobilier en recouvrement de ses créances. Les biens ainsi acquis doivent être aliénés dans un délai de deux ans, à moins qu’ils ne soient utilisés pour les propres besoins de la Banque Centrale.

Toutefois, si ces biens ne peuvent être cédés dans le délai requis ou si la Banque Centrale décide de les utiliser pour ses propres besoins, ces actifs sont

eken’ny Vaomiera Miahly an-tampony ny Banky sy ny Fampanjariana ny Fitantanam-bola (*idem*) sy eken’ny Banky Foibe dia azon’ity farany atao ny manome vatsim-bola noho ny antony manokana ary araka ny fepetra soritan’ny Filankevi-piton-drana.

TOKO V Fitsipika hifehezana ny fampitrosana

And. 35. – Amin’ny alalan’ny teny midina, ny Banky Foibe dia afaka manery ny orinasa fitrosana vola (*idem*) handrotsaka ao amin’ny Banky Foibe ampahany fara-fahakeliny mifandrindra amin’ny petra-bola ao aminy na ny fampitrosana nataon’izy ireo, ka izany dia manana endrika vola fiandry na petra-bola any amin’ny Banky Foibe.

And. 36. – Amin’ny alalan’ny teny midina, ny Banky Foibe dia afaka mamaritra ny fepetra ankapobeny ahafahan’ny orinasa fitrosana vola (*idem*), mampisambotra, manome vatsim-bola, antoka, ary manao fampitrosana hafa.

And. 37. – Mba hiarovana ny tombotsoan’ny mpitahiry vola ary hitandrovana ny fizotra tsara ny tsena fivarotana ny taratasy fanova vola dia ilaina fahazoan-dàlana mialoha avy amin’ny Banky Foibe amin’izay rehetra famoahana sy fivarotana amin’ny daholobe eto Madagasikara ny taratasy fanova vola, nefa tsy ao anatin’izany ireo avoakan’ny Fitehirizam-bolam-pan-jakana.

Ilàn’ny Governemanta hevitra ny Banky Foibe alohan’ny hamoahana eto Madagasikara taratasy fanova vola na hitrosan’ny Fitehirizam-bolam-panjakana amin’ny any ivelany.

TOKO VI Fepetra iombonan’ny toko II, III, IV sy V

And. 38. – Azon’ny Banky Foibe ankinina amin’ny fanomezana azy ny antontan-taratasy rehetra heveriny fa ilain-ko fantatra ny fanampiana omeny.

Azony takiana koa, raha ilaina izany, ny fanolorana zavatra atao antoka, na ny fanondroana olona itokiana hiantoka.

And. 39. – Mety ho lasan’ny Banky Foibe amin’ny alalan’ny raharaham-pihavanana na amin’ny fanerena hivarotra izay fananana-manaraka na mifaka handoavana ny vola nampitrosainy. Roa taona no fetra tsy maintsy hivarotana ny fananana lasany toy izany, raha toa tsy ampiasain’ny Banky Foibe amin’ny fampandehanana ny as any ireo fananana ireo.

Nefa raha tsy lafo ao anatin’ny fotoana voafetra na koa nanapa-kevitra ny Banky Foibe fa ho ampiasainy ireo fananana ireo dia voafehin’ny fetra farany

soumis au plafond de l'article 48.

Art. 40. – A défaut de remboursement à l'échéance des sommes à elle dues, la Banque Centrale peut réaliser le gage reçu en garantie de ses créances trente jours après une mise en demeure du débiteur par lettre recommandée avec accusé de réception. Si le constituant du gage est un tiers, il lui est adressé copie de la mise en demeure dans la même forme. Le délai est franc. Il court dès la réception de la mise en demeure par le débiteur ou, si la copie a été reçue postérieurement, par le constituant du gage.

La vente est ordonnée par le Président du tribunal de commerce sur simple requête de la Banque Centrale, après avoir entendu le débiteur en ses explications.

Art. 41. – Les instructions prévues aux chapitres IV et V sont publiées au bulletin de la Banque Centrale.

CHAPITRE VII Autres attributions et opérations

Art. 42. – La Banque Centrale veille au bon fonctionnement du système des paiements.

A ce titre, elle peut créer des chambres de compensation sur les places où elle le juge nécessaire. Elle en assure la présidence et arrête par voie d'instruction les conditions de fonctionnement de ces chambres. Les institutions financières et bancaires ayant des relations de comptes avec la Banque Centrale peuvent y adhérer.

Art. 43. – Dans la limite de ses compétences, la Banque Centrale assure l'application des dispositions légales et réglementaires relatives à l'exercice de la profession bancaire et au contrôle du crédit.

Art. 44. – La Banque Centrale est consultée sur tous projets d'ordre législatif ou réglementaire intéressant la monnaie et concernant notamment :

- la répression de la falsification des signes monétaires ou de l'usage des signes falsifiés,
- la législation en matière de règlements de paiement,
- l'exercice de la profession bancaire et des activités s'y rattachant,
- le régime et le système de change.

Art. 45. – La Banque Centrale effectue toutes études et analyses utiles à son information et à celle des pouvoirs publics ou à l'amélioration du

ambony tondroin'ny andininy 48.

And. 40. – Raha tsy voaloha amin'ny fe-potoana voatondro ny vola tsy maintsy efaina aminy, dia azon'ny Banky Foibe amidy ny debaka nalainy ho antoky ny fampitrosana nataony rehefa dila telopolo andro ny fanerena ny mpitrosa handoa azy ka amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha miaraka amin'ny fanamarinana ny nandraisana azy no anaovana iza-ny. Raha olon-kafa no namorona ny debaka, dia andefasana kopia sahala amin'izany koa izy. Tsy mandeha tapatapany ny fitetezana ny fe-potoana. Manomboka amin'ny andro andraisan'ny mpitrosa ny fanerena azy handoa vola ny fanisana ny andro na amin'ny andro nandraisan'ilay namorona ny debaka ny kopia raha toa tratra aoriana ny an'ny mpitrosa.

Ny filohan'ny tribonaly momba ny varotra no mamoa didy hivarotana izany araky ny fangatahana tsotra fotsiny ataon'ny Banky Foibe rehefa nohenoina ny fanazavana nataon'ny mpitrosa.

And. 41. – Aseho amin'ny filazam-baovaon'ny Banky Foibe ireo fepetra ankapobe volaza ao amin'ny Toko IV sy V.

TOKO VII Andraikitra sy anjara raharaha hafa sahanina

And. 42. – Miahy ny fampandehanana tsara ny fifandraisana amin'ny fanefana trosa ny Banky Foibe.

Amin'izany dia azony atao ny manangana birao fanaovana letsy trosa any amin'izay toerana heveriny fa mety ilàna azy. Izy no miandraikitra ny fitarihana izany birao izany ary mandray fepetra eo amin'ny fomba fiasany amin'ny alalan'ny teny midina. Afaka miditra amin'izany ny andrim-piton-drana mampiasa vola sy ny banky, izay manana fifandraisana ara-kaonty amin'ny Banky Foibe.

And. 43. – Araka izay andraikitra nankinina taminy, ny Banky Foibe dia miandraikitra ny fampiharana ny fepetra voadidin'ny lalà-na sy didy amam-pitsipika momba ny amin'ny fanaovana ny asan'ny banky sy ny fanaraha-maso ny fampitrosana.

And. 44. – Ilàna hevitra ny Banky Foibe momba izay lalàna na didy amam-pitsipika volavola ina mikasika ny vola, indrindra ny momba ireto :

- ny famaizana ny fanaovana vola sandoka na ny fampiasana vola sandoka,
- ny lalàna mikasika ny fomba fandoavam-bola,
- ny fanaovana ny asan'ny banky ary ny asa hafa sahanina mifandray amin'izany,
- ny fepetra sy ny fampandehanana ny fanakalozam-bola.

And. 45. – Manao izay fanadihadiana rehetra sy famahavahana ilainy ny Banky Foibe hahalalany izay tokony ho fantany sy tokony ho fantatry ny mpitondra

fonctionnement du système monétaire.

Elle peut entrer directement en relation avec les entreprises et groupements professionnels pour les besoins de son information.

Les administrations publiques sont tenues de fournir à la Banque Centrale toutes statistiques et informations qu'elle juge utiles pour connaître l'évolution de la monnaie, du crédit, des réserves de change et de la conjoncture économique.

La Banque Centrale est chargée d'assurer la centralisation des risques bancaires et des renseignements relatifs aux chèques impayés et aux effets protestés.

Art. 46. – La Banque Centrale peut, pour ses besoins et ceux de son personnel, faire construire, acheter, vendre et échanger des immeubles.

Ces opérations sont subordonnées à l'autorisation du Conseil.

Art. 47. – La Banque Centrale peut, au profit de son personnel, consentir des prêts et ouvrir dans ses livres des comptes selon les conditions arrêtées par le Conseil.

Art. 48. – Le total des dépenses autorisées aux articles 39, alinéa 2, 46 alinéa premier et 47 ne peut pas dépasser le montant des fonds propres de la Banque.

Art. 49. – La Banque Centrale peut faire tous actes conservatoires ou de disposition nécessaires à l'exercice de ses attributions.

Art. 50. – La Banque Centrale ne peut en aucun cas faire d'autres opérations que celles qui lui sont permises par la présente loi.

TITRE III Structure et organisation de la Banque Centrale

Art. 51. – Les organes de la Banque Centrale sont :

- le Gouverneur, assisté d'un Directeur Général ;
- le Conseil d'administration, dénommé ci-après le Conseil ;
- les Censeurs.

Fanjakana na handavorariana ny fiasan'ny lafin-draharaha momba ny vola.

Mahazo mifandray mivantana amin'ireo orinasa sy antokon-dra-haraha amin'izay ilainy ho fantatra izy.

Tsy maintsy omen'ny antokon-draharaham-panjakana ny Banky Foibe ny statistika sy izay rehetra heveriny ilaina hamantarana ny fandehan'ny toe-bola, ny fampitrosana, ny tahirim-bola fampiasa any ivelany sy ny fizotry ny toe-karena.

Ny Banky Foibe no miandraikitra ny famoriana ny toe-trosa any amin'ny banky sy ny filazakazana ny sheky tsy voaloha sy trosam-barotra hanaovana fitakiana.

And. 46. – Raha ilain'ny Banky Foibe sy ny mpandraharaha ao aminy dia azony atao ny ma mpamboatra, mividy, mivarotra trano na tany na manakalo izany.

Miankina amin'ny fahazoan-dalana avy amin'ny Filankevitra ny fanaovana izany.

And. 47. – Azon'ny Banky Foibe atao ny mampitrosa sy manokatra kaonty ao amin'ny bokim-bolany ho an'ireo mpandraharaha ao aminy araka ny fepetra notinapaky ny Filankevitra.

And. 48. – Ireo fampiasam-bola nahazoana alalana araka ny andininy faha-39 andalana faha-2, andininy faha-46 andalana voalohany sy andininy faha-47 dia tsy mahazo mihoatra ny hana enti-mihetsika afa-karatsaka an'ny Banky Foibe.

And. 49. – Azon'ny Banky Foibe atao avokoa izay fikajiam-pananana na fandraisana fepetra ilaina amin'ny fanatontosana ny anjara raharahany.

And. 50. – Tsy azon'ny Banky Foibe sahanina na inona na inona raharaha ivelan'izay ekena ataony araka izao lalana izao.

FIZARANA III Firafitry ny Banky Foibe sy ny fandaminana azy

And. 51. – Ireto avy ny fela-tana-mangaika ny Banky Foibe :

- ny Filoha, ampian'ny tonia iray ;
- ny Filankevi-pitondrana izay lazaina etoana hoe « ny Filankevitra »,
- ny Mpanaramaso.

CHAPITRE PREMIER Le Gouverneur

Art. 52. – Le Gouverneur est nommé par décret pris en Conseil des Ministres sur présentation du Ministre chargé des Finances parmi les personnalités reconnues pour leur compétence en matière monétaire, financière et économique.

Son mandat est de quatre ans, renouvelable une fois.

Il ne peut être relevé de ses fonctions avant l'expiration de son mandat que pour incapacité physique ou mentale ou pour manquement grave aux dispositions de la présente loi ou à la suite d'une condamnation de nature à porter atteinte à son honorabilité sur proposition du Chef de Gouvernement par un décret pris en Conseil des Ministres.

Art. 53. – Le Gouverneur est tenu au secret professionnel, alors même qu'il aura cessé ses fonctions.

Il prête serment devant la Cour Suprême siégeant en audience solennelle, dans les termes ci-après :

« Je jure de remplir mes fonctions avec honneur et probité dans le strict respect des lois et des statuts de la Banque Centrale, de ne rien utiliser ou révéler de ce qui sera porté à ma connaissance et cela même après cessation de mes fonctions. »

Art. 54. – Les fonctions du Gouverneur sont incompatibles avec tout mandat législatif et toute charge gouvernementale.

Le Gouverneur ne peut exercer aucune autre fonction, ni recevoir aucune rémunération pour travail ou conseil. Sont exemptées de la présente disposition, la participation au fonctionnement d'organismes internationaux, les tâches d'enseignement et la production d'oeuvres scientifiques, littéraires ou artistiques, dans la mesure où elles sont compatibles avec l'exercice régulier de ses fonctions.

Pendant la durée de ses fonctions, il est interdit au Gouverneur de prendre ou de recevoir une participation ou quelque intérêt que ce soit dans toute entreprise, de gérer directement des participations qu'il a pu acquérir avant le début de son mandat.

Aucun engagement revêtu de la signature du Gouverneur ne peut être admis dans le portefeuille de la Banque Centrale.

Art. 55. – La rémunération d'activité composée de la solde de base, des indemnités et avantages en

TOKO VOALOHANY Ny Filoha

And. 52. – Didim-panjakana rai-sin'ny Filankevitry ny Minisitra no hanendrena ny Filoha araka ny fanolorana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola ka avy amin'ireo olona manankaja, manam-pahaizana momba ny vola, fampiasambola sy ny toe-karena.

Efa-taona no fe-potoana iasany ary azo havaozina indray mandeha.

Alohan'ny fahataperan'ny fe-potoana iasany dia tsy azo esorina amin'ny asany izy raha tsy misy fahasembanana ara-batana na ara-tsaina, na nanao fandikana goavana ny voalazan'ity lalàna ity, na niharan'ny sazy mety hanohina ny voninahiny araka ny didim-panjakana raisin'ny Filankevitry ny Minisitra noho ny tolo-kevitra avy amin'ny Lehiben'ny Governemanta.

And. 53. – Tsy maintsy mitandrina ny tsiambaratelon'ny asa ny Filoha na dia efa tsy manao ny raharahany intsony aza.

Manao fianianana eo anatrehan'ny Fitsarana tampony mivory amin'ny fomba manetriketrika izy, ka toy izao ny teny hotononiny amin'izany :

« Mianiana aho fa hotontosaiako ampamendrehana sy am-paha-marinana ny asako, ao anatin'ny fanajana tanteraka ny lalàna sy sata mifehy ny Banky Foibe ary tsy hanararaotra na hamboraka izay zavatra nampafantarina ahy, ary izany na efa mitsahatra amin'ny asako aza aho ».

